VALANARETINA CORONAVIRUS

Misy marary 207 eto amintsika, 53 ny tranga vaovao

Mbola mamely eto amintsika ny valanaretina coronavirus, raha tamin'ny herinandro lasa teo iny: ny 28 desambra 2020 ka hatramin'ny 1 janoary 2021, misy marary 207 manerana ny Nosy ary 53 ny tranga vaovao tamin'ny fitiliana miisa 918 natao. 1 no namoy ny ainy tamin'izany, tamin'ny faritra Analamanga. Arak'izany, 262 hatramin'izao no lavon'ity valanaretina ity teto amintsika. 70 no sitrana tamin'iny herinandro lasa teo iny. Ny fitsinjaran'ireo tranga vaovao: Analamanga 20, Vakinankaratra 4, Matsiatra Ambony 10, Amoron'i Mania 4, Vatovavy Fitovinany 3, Boeny 8, Menabe 1, Diana 3. Arak'izany, mbol misy eto amintsika ny covid-19, noho izany tokony hanaraka ny fepetra ara-pahasalamana hatrany ny tsirairay : fitondran aro vava sy orona, hajaina ny elanelana 1 m, manasa tanana amin'ny rano sy savony matetika, na mampiasa gel disinfectant,…

Niaina



Ny tarehi-marika momba ny coronavirus ny herinandro lasa teo.

Hafari Malagasy

Hanamafy ny tetikasa « Exode Urbain » amin'ity taona 2021 ity

Nosantarin'ny mpikambana ao amin'ny Hafari Malagasy tamin'ny fambolen-kazo, izay notanterahina teny Soaniedanana Kaominina Mahitsy, ny tetik'asa « Exode urbaine » ho an'ny taona 2021. Nilaza Andriamatoa Rafanomezantsoa Jean Nirina, Tale Jeneralin'ny orinasa Fitrama sy filohan'ny Hafari, fa efa mahatratra 1200 fototra ireo zana-kazo efa natsatoka eny an-toerana ary mbola hotohizana izany amin'ity taona vaovao ity.Nanohy fanazavana ity tompon' andraikitra ity, fa lova ho an'ny taranaka ny fambolen-kazo satria miankina amin'ny fambolen-kazo avokoa ny fiovan'ny toetr' andro, ny fiakaran'ny sakafo, ny akora fampiasa amin'ny fitsaboana sy ny sisa... Tsy ampy hoy izy raha ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny tontolo iainana irery ihany no misehatra amin'ny fampitomboana ny fambolen-kazo eto Madagasikara, amin'ny alalan'ny

Efa nisantatra fambolen-kazo ny Hafari.

fanentanana ny mpianatra, fa tokony ho adidin'ny olom-pirenena ny mametraka ny hazo ho sarobidy ary hiaro azy ireny amin' ny doro-tanety. Nanamafy ity Tale Jeneralin'ny orinasa Fitrama ity, fa tokony hamafisina hatrany ny fanarahana ny toro-marika omen'ny fanjakana sy ny fepetra ara-pahasalamana ho fisorohana ny mety ho fiverenan'ny aretina Cotonavirus eto Madagasikara. Tsy tokony hatao ambanin-javatra hoy Andriamatoa Jean Nirina ny fampiasana an' ireo akora natoraly toy ny Kininim-potsy sy ny Ravintsara, mba hahafahana mamotika ny tsimokaretina entin'ny Coronavirus. Eo amin'ny resaka politika, nanambara ny filohan'ny Hafari Malagasy, fa tsy misy fivoarany mihitsy ny tontolo politika eto Madagasikara, nohon' ny fisian'ny adi-hevitra tsy misy vokany ataon'ny Mpitondra fanjakana sy ny mpanohitra. Nanome soso-kevitra ity farany, ny tokony hametrahana hery telo hahafahana mamaritra ny tontolo politika dia ny hery ankavanana (ny mpitondra Fanjakana),ny hery ankavia (ny mpanohitra) ary farany dia ny hery afovoany izay tsy miandany amin'ny atsy sy aroa (ny fiarahamonim-pirenena). Ankoatra izany, nilaza i Rafanomezantsoa Jean Nirina, fa raha tiana ny hisian'ny fampandrosoana dia tokony halalaka ny adi-hevitra eto amin'ny firenena ary tokony hisy aro fanina ara-dalàna mifehy ny sehatra politika, satria tsy misy lalàna mifehy ohatra ny fivadibadihana palitao eto Madagasikara. Namarana ny fanehoan-keviny ity tompon'andraikitra ity, fa hahemotra amin'ny 10 Janoary 2020 ho avy izao ilay fampisehoana lehibe izay karakarain'ny orinasa Fitrama sy ny Hafari, hiarahana miaraka amin'ny Mpanakanto marobe.

Franck Razakambelo

Baolina kitran'ny mpitandro filaminana

Nifampitsapa ny zandary sy ny polisy

Baolina kitra eo amin'ny samy mpitandro filaminana, nifampitsapa ny zandary sy ny polisy tany Fianarantsoa, faritra Matsiatra Ambony ny faran'ny taona, ny herinandro lasa teo. Notontosaina tao amin'ny kianja Ampasambazaha ny herinandro teo ny lalao miverina amin'ny taranja baolina kitra, izay nihaonan'ny teo anivon'ny Zandarimariam-pirenena sy ny Polisim-pirenena any Fianarantsoa. Tsiahivina fa tamin'ny lalao mandroso, izay natao ny 23 desambra 2020 lasa teo dia nisaraka ady sahala 3 sy 3 ny roa tonta, ka dia tamin'io lalao io ny tsotsorimamba nisarahana. Raha ny vokadalao tamin'io dia nivoaka ho mpandresy teo anoloan'ny Polisim-pirenena ny ekipa avy ao amin'ny Zandarimariam-pirenena, tamin'ny isa 1 noho 0; baolina izay tafiditra teo amin'ny fizaram-potoana voalohany. Taorian'izao lalao izao, notolorana amboara ny ekipa izay nibata ny fandresena dia ny ekipan'ny Zandarimariam-pirenena Fianarantsoa.

Lita

Ireo mpilalao baolina kitra avy amin'ny polisy sy ny zandarimariam-pirenena any Fianarantsoa.

Polisy nanampatra fahefana

Renim-pianakaviana maty noho ny fampidirana azy "violon"

Nisehoana fanaparam-pahefana nataona polisy tany amin'ny distrikan'i Manandriana, faritra Amoron'i Mania. Renim-pianakaviana iray no maty rehefa nampidirina toeram-pamaizana, na "violon" tao amin'ny kaomisaria ny Polisy tany an-toerana ny 2 janoary lasa teo. Fifamaliana tamin'ny Polisy iray, noho ny fisakanan'ity renim-pianakaviana ny vadiny tsy hisotro toaka niaraka tamin'ny polisy, satria ny vadiny dia mandaroka sy miady aminy rehefa mamo no nahatonga ny fisakanana ny vadiny tsy hisotro ary nahatonga ny fifamaliana teo amin'ity renim-pianakaviana ity sy ny polisy iray. Noho izay fifamaliana izay, nampidirin'ity polisy ity "violon" avy hatrany ilay renim-pianakaviana. Marihana fa tsy tao an-toerana ny kaomisaria lehiben'ny Polisy tamin'io fotoana io. Namela kamboty 2 sy mananotena iray i Tompokovavy Ramoha Armine. Nambaran'ny fianakaviany fa manana aretimpo ity renim-pianakaviana ity, ka raha ny 1 janoary 2021 izy no naiditry ny Polisy avy nifamaly taminy violon, dia navoaka ny takariva ary naveriny naiditra indray ny 2 janoary maraina, ka ny antoandro no nanao krizy ity renim-pianakaviana ary nangatahan'ny fianakaviany ho tsaboina saingy tsy mbola nahazo alalana raha tsy efa niha-mafy ilay fahavoazana vao nahazo alalana ny fianakaviana ary nentina teny amin'ny Hopitaly. Ora 2 teny amin'ny hopitaly, tsy tana intsony ny ainy. Fangatahan'ny fianakaviana ny hanokafana fanadihadiana mikasika ity raharaha ity. Tonga tany an-toerana ny talem-paritra ny filaminam-bahoaka, Commissaire Principal de Police Mandiamanana Heriniaina, nifampiresaka tamin'ny fianakaviana ary nambarany fa tsy mpiray tsikombakomba amin'ny ratsy ny Polisim-pirenena, ka tompon'ny fanapahan-kevitra amin'ny hataony ny Fianakaviana, ary efa nisy ny fepetra noraisaina nataon'ny talem-paritra avy hatrany. Nisaotra tamin'ny fahatongavan'ny talem-paritra tany an-toerana ny fianakaviana satria dia tsy nisy ny ramatahora ary afaka naneho ny alahelony ny fianakavian'ny maty nandritra ny fifampiresahana. Taorian'ny fifampiresahana dia namangy tamin'ny fahoriana ny fianakaviana mana-manjo ny Polisim-pirenena. Efa nisy ihany koa ny fandaminana nataon'ny solombavambahoaka ny toe-draharaha, raha saika niteraka savorovoro tany an-toerana ny raharha ny takarivan'ny 2 janoary teo. Andrasana ny tohin'ny fanadihadiana.

Stefa

Sekoly manara-penitra

Tsy mahita ny iainan'ny zana-bahoaka marina ny mpitondra

Sekoly manara-penitra: ravoravo natentina ihany, ity hambara anaovana "dokam-barotra" be tato ho ato ity ary miendrika famitaham-bahoaka fotsiny izao. Vao omaly ny omaly, indro nisy zazalahy kely nanatona ahy, nitalaho nangataka vola mba hatao saram-pianarana, fa sahirana sy marary ny reniny, ary tsy miraharaha azy ny dadany. Izany hoe, kanota mihantona miandry hamely azy amin'ity herinandro ity ny saram-pianarana raha tsy voaloa. Zazalahy kely tsy te ho tonga amin'izany toerana misy azy izany raha ny fahitana azy, fa tsy maintsy nangataka. Hanao ahoana ny hoavin'izany zaza Malagasy izany raha izao sahady no manjo azy? Nefa mety mba ho lasa lavitra amin'ny fianarana ihany izy, saingy tsy misy mihevitra azy na kely akory aza ny tomponandraikitra samihafa misahana ny sekoly eto amin'ny firenena. Izany tranga manjo azy io tsy ao anaty kajin'izany lazaina sy idedahana ho sekoly manara-penitra izany.

Sekoly manara-penitra, nambara fa hanaovana sivana ka ireo mahay ihany no ho raisina. Aiza ho aiza amin'izany ity tranga manjo ity zaza ity. Mazava loatra araka izany, fa sekoly manilika tranga manjo ny zaza Malagasy sasany ity sekoly ity. Amin'ny fijery iray hafa, dia azo lazaina mihitsy ho tsy mahafantatra sy mahalala marina ny zava-misy eo amin'ny tontolon'ny fampianarana, sy ny iainan'ny zana-bahoaka eto amin'ny firenena ny tomponandraikitra, sy izay namolavola sy nanangana io sekoly io. Ireo sokajin'olona ireo dia tsy mahatsapa fa mipeha-tany ny tongony, ka tsy mahita sy miaina ny zava-misy marina. Tsy azo antoka hahasoa ny vahoaka Malagasy na ny sarambambem-bahoaka ankehitriny sy amin'ny hoavy izany. Ny zava-doza aza, dia mety hampisara-bazana sy hanapotika ny firaisankinan'ny taranaka any aoriana izao toe-javatra izao, ka ho mora horobain'ny vahiny ny haren'ity firenena ity ary ho lasany sy hanjakany manontolo mihitsy aza ity Nosy ity. Efa hita soritra sahady rahateo izany ankehitriny kanefa angamba tiana hisongadina sy hotanteraka any aoriana. Loza mitatao sy hanjo ny firenena izany raha tsy voasoroka dieny izao.

Radafy